Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Dr Jean A. RAVALITERA
Tél: 01 45 96 03 05
Portable: 06 98 11 46 75
Email: fpma.france@orange.fr; jeanravalitera@ymail.com

PASTEUR SYNODAL
PRÉSIDENT DE L'EPMF/FPMA

HAFATRA PASTORALY NOELY 2016
Ho an'ny Mpitandrina Mpandrindra
Ny Filoha sy ny Komitin'ny Faritany 6
Ny Filoha sy ny Komitin'ny Tafo 39
Ny Filoha sy ny Fiaraha-mivavaka ho FPMA 3
ary ny vahoaka Kristiana rehetra ato amin'ny FPMA

Ry havana malala ao amin'ny Tompo,

Ho aminareo rehetra anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina !

« Taratra mamirapiratry ny voninahitr'Andriamanitra sady famantarana velona izay tena toetra amam-pomban'Andriamanitra Izy; ary ny teniny manan-kery no ihazonany ny zavatra rehetra. » *Hebreo 1, 3*. Nalaina avy tamin'ny Tenin'Andriamanitra voalahatra ho antsika amin'izao Noely 2013 izao izany.

- **Jesoa Kristy no Taratry ny voninahitr'Andriamanitra naseho antsika.** Voninahitra omen'Andriamanitra antsika ny fiantsoany antsika hiara-miasa Aminy**.** Hoy Martin Luther hoe : **«Mpisorona daholo isika rehetra, izany hoe mitovy ny fahefana ananantsika manoloana ny Tenin'Andriamanitra sy ny sakramenta, na dia tsy misy olona na mihitsy aza mahazo mampihatra mihitsy izany fahefana izany, raha tsy nahazo alalana tamin'ny fiangonana (nous sommes tous prêtres, c'est-à-dire que nous avons le même pouvoir à l'égard de la Parole et de tout sacrement, bien qu'il ne soit permis à personne d'user de ce pouvoir sans le consentement de la communauté)».** Ny fahantran'ny fahalalantsika ny Tenin'Andriamanitra, fa indrindra ny tsy fetezana hivelona amin'izany, no mahatonga fahalemena sy fifampiandaniana eo amin'ny samy Kristiana ka hiheverana fa ny Lalàna no mamaha ny olana rehetra. Kristy Irery ihany no Mpamonjy sy Mpanafaka antsika. Ny asan'ny Fanahy Masina no hany mahatonga ny Tenin'Andriamanitra ho Fiainana handraisantsika an'i Kristy, Taratry ny voninahitr'Andriamanitra, ka hahaizantsika koa mitandro ilay voninahitra nomena antsika:**« hahavokatra amin'ny asa soa isan-karazany ianareo sady hitombo fahalalana tsara an'Andriamanitra, ary hampahatanjahina tanteraka amin'ny heriny be voninahitra mba hananananareo fandeferana sy faharetana amin'ny zavatra rehetra.»***Kolosianina 1. 10-11*

- **Ny Tenin'Andriamanitra nomena antsika tamin'ny alalan'i Jesoa no ihazonana ny zavatra rehetra.** Hoy Jesoa tamin'ireo mpivavaka nanohitra Azy: **«Izay avy amin'Andriamanitra no mihaino ny tenin'Andriamanitra; izany no tsy ihainoanareo, satria tsy avy amin'Andriamanitra ianareo.»** *Johany 8, 47*. Mampianatra antsika hanetry tena mandrakariva tokoa ny Tompo, fa araka ny lazain'i Jakoba, hoe: **« Feno faniriana mirehidrehitra ny fanahy izay napetrak'Andriamanitra ao anatintsika. Manome antsika fahasoavana lehibe lavitra anefa Andriamanitra, satria hoy ny Soratra Masina: Toherin'Andriamanitra ny mpiavonavona, fa omeny fahasoavana kosa ny manetry tena. »***Jakoba 4, 5-6*. Ao anaty fanetren-tena no hananana faharetana sy fandeferana ka mahatonga fitozoana amin'ny asa.

Mirary Noely sambatra 2016 ho anareo ary miandrandra sahady ny taona vaovao 2017 izay antenaintsika hahatsapantsika indray ny asan'Andriamanitra eo anivon'ny Fiangonantsika izahay. Hankalaza an'Andriamanitra noho ny tsingerin-taona faha-500 nisehoan'ny Fanitsiam-pivavahana isika. Koa izany no anafaranay anareo hoe:**« Amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira, hiaina araka ny filan'ny haratsiam-panahiny. Ireo mpampianatra sandoka ireo no mahatonga fisaratsarahana, satria entin'ny maha olombelona ihany fa tsy mba manana ny Fanahin'Andriamanitra. Ianareo kosa, ry hava-malala, ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoana masina indrindra efa ananananareo, ka mivavaha omban'ny herin'ny Fanahy Masina; mitahiriza tena ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ka mahandrasa ny famindrampon'i Jesoa Kristy Tompontsika hahazoanareo fiaina-maharitra mandrakizay.»** *Joda, 20-21*

Mamangy sy manao veloma anareo amin'ny anaran'Ilay tia antsika !

Nosoratana teto Paris, Foibe FPMA, 12 desambra 2016

Dr Jean A. RAVALITERA, Mpitandrina
Filohan'ny FPMA